SERASERAN'NY TANDAVANALA

Takelam-pifandraisana

Harena voajanahary tsara tantana, fiaraha-monina mirindra sy mivoatra

Laharana 10- Jolay 2012

Kaominina Ankarimbelo, Ambinanitromby

Fitrandrahana volamena tsy ara-dalàna amin'ireo Kaominina manamorina ny Tandavan'ala

Kaominina Ankarimbelo

Nanomboka ny taona 2010 mankaty dia tsy nitsahatra nitombo tokoa ireo mpitrandraka volamena ao amin'ny Alan'Ankarimbelo. Raha mbola amam-polony izy ireo tany amboalohany dia azo tombanana ho mihoatra ny 500 isa izany amin'izao fotoana anoratana ny lahatsoratra izao araka ny filazan'ny COBA.
Ny toerana tena nasibatr'ireto mpitrandraka ireto amin'izany dia ny ao Sahamalo izay manakaiky ny loharanon'I Matitanana,
Banjamalalaka izay efa manamorona ny alan'ny Miarinarivo,
Bevamborozaha, Taolandambo,
Tsangàna , Ivonosy.
Miteraka voka-dratsy tokoa ity fitrandrahana tsy ara-dalàna ity, indrindra ho an'ny loharanon'ny Matitanana satria dia hita fa mihena ny loharano nefa izy no mamatsy ny rano fampiasa sy fisotron'ny mponina amin'ny sahandriak'Andohanimatitanan a iny. Porofo hita taratra ny paompin-drano tapaka matetika vokatry ny fihenan'ny loharano.

Araka ny fanadihadiana, dia misy antony vitsivitsy no tena mahatonga ny olona hiditra sy hitrandraka any anatin'ny ala : eo aloha ny faharatsian'ny nofontany ka tsy ahafahana mamokatra betsaka sy tsara intsony, eo ihany ny filazana fa midina araka izay tsy izy ny vidin'ny kafe ka toa tsy mahazo vola tahaka ny taloha intsony ny olona, ary ny fahatelo dia mieritreritra ny mponina fa ny fitrandrahana harena an-kibon'ny tany dia azahoana vola haingana.

Tsenam-barotra ao anaty ala

Zavatra mbola tsy fahita matetika izany hoe misy tsenam-barotra ao anaty ala : ny andron'ny tsena dia Alahady ny ao Bevamborozaha ary zoma ny ao Taolandambo. Araka ny heno dia hita ao anatin'ny tsena ao avokoa ireo karazana vokatra rehetra : ny vidim-bary ohatra dia manodidina ny 350 – 400 ariary ary mahalany kisoa iray isaky ny andro tsena ny mpivarotra.

Raha mbola mitohy izao dia atahorana mafy ho lasa tanàn-dehibe ao anaty ala ao ka ho ringana tanteraka ny tandavan'ala.

Efa niezaka ihany ny Federasionan'ny COBA nandefa tatitra sy fitarainana any amin'ny ambaratonga isany. Nisy ny fihaonan'ny faritra sy ny DREF sy ireo mpisehatra rehetra amin'ny tontolo iainana ka hisy fepetra hentitra horaisin'ny fanjakana ato ho ato ho fanasaziana ireo mpitrandraka tsy ara-dalàna ao anaty ala.

Kaominina Ambinanitromby

Ankoatra an'Ankarimbelo dia mampanahy ihany koa ny fitrandrahana ataon'ny sinoa ao amin'ny Kaominina Ambinanitromby. Ao amin'ny reniranon'Ihomby sy Ionilahy raha ny marimarina kokoa.

Ny tena ilazana fa mampanahy mantsy dia tsy sandry sy angady intsony no manao ny fitrandrahana fa dia milina avy hatrany. Mamakivaky manaraka ny rano ity milina ka mitrongy ireo fasika any anaty rano sy manivana izany mba hazahoany ireo karazana harena an-kibon'ny tany maro.

Ireo fasika nahavitana fanivanana kosa indray dia atobak'izy ireo eny amoron-drano sy eny amoron-dalàna rehetra eny, vokatr'izany dia:

- Mora azon'ny tondran-drano ny lalàna ifamezivezena noho ny fibosesiky ny fasika, indrindra moa fa ilay tetezana (radié) eo Ambinanitromby.

-Maloto ihany koa ny ny rano satria voakorotan'ilay milina,. ahiana koa ny fiparitahan'ny solika manodina ny milina. Io rano io ihany anefa no rano fisotron'ny mponina manodidina.

-Mihotsaka ny tany manodidina satria ireo hazo eny amin'ny sisin'ny rano dia ampiasain'ireo mpitrandaka mba hitazonany ny milina tsy hihetsika hany ka atahorana hihotsaka hatramin'ny arabe.

-Araka ny heno tamin'ny Ben'ny tanàna iray dia malaza fa tonga hatramin'ny fanodi-kodinana (detournement de mineur) ny zavatra ataon'ireto sinoa ka ny zazavavy 14 ka hatramin'ny 16 taona no tena nasibatra amin'izany, toy ny hita ao Onilahy.

Mampalahelo izany sehon-javatra izany. Loza mitatao ho an'ny firenena ny fanimbana sy ny fitrandrahana hita etsy sy eroa. Tsy vitan'ny hoe simba ny tontolo ianana sy ny harena voajanahary fa mitondra faisana ihany koa ireo taranaka Malagasy, mampanahy ny ho avintsika!

Koa ny irariana dia ny fandraisana andraikitry ny tsirairay: manaitra antsika tanora mba hitsinjo sy hiambina ny ho avy. Manaitra koa antsika Raiamandreny sy ireo mpitondra isan-tsokajiny sy isan'ambaratongany, ary indrindra ny tsirairay, mba samy hahatsapa tena fa sarobidy ireo harentsika voazimbazimba sy voahosihosy ireo ka arovy.

Ra - Zozy

CMP TANDAVANALA
Enceinte de la Direction Régionale de l'Elevage,
Besorohitra - Fianarantsoa
Tel: 020 75 516 58 033 09 291 72 034 20 516 58
BP: 1099
Courriel: cmp.fianar@moov.mg / tandavanala@tandavanala.org
Site web: http://www.tandavanala.org

Fiahiana ara-tsakafo sy ny fitantanana ny harena voajanahary

Voalaza fa mahomby ny fiahiana ara-tsakafo raha mipetraka ireto fepetra telo ireto : misy ny sakafo, malalaka ny fahafahana mahazo ireo sakafo ireo ary afaka ampiasaina amin'ny tokony ilàna azy. Raha ampifandraisina amin'ny fitantanana ny harena voajanahary kosa indray ny fiahiana ara-tsakafo dia azo lazaina fa ny fampiroboroboana ny fambolena sy ny famokarana no tena fototra satria dia ireo harena voajanahary no singa entina mamokatra (karazana tany, ranomamy, ranon'orana...), izany hoe, raha tiana tena hisy ny fahavokarana ara-tsakafo dia ilaina ny hatsaran'ny tany sy ny fahampian'ny rano.

Iaraha-mahalala fa tany amboalohany dia mbola tsara ny nofontany satria mbola tsy nodorana ny tanety, mbola tsy nosimbaina tamin'ny fampiasana vokatra simika ny tsiron'ny tany ary mbola tsy notrandrahina ihany koa ny any ambanin'ny tany. Ny rano ampy tsara satria dia mbola tsy tototra ireo loharano ary mbola avy amin'ny fotoana maha mety azy ny orana. Noho izany dia mbola nipetraka ilay hoe tonon'androm-pambolena ka afaka namokatra amin'ny ara-dalàna sy mahazo vokatra ampy tsara ny mpamboly.

Ankehitriny anefa dia toa efa mananosarotra ny mahazo vokatra tsara, na amin'ny habetsahan'ny vokatra io na amin'ny hatsarany. Antony maromaro no mahatonga izany: miha tery ny tany azo volena, miha ratsy ihany koa ny nofontany, tsy ampy intsony ny rano. Rehefa tsy ampy anefa ny vokatra dia manjaka ny tsy fahampian-tsakafo, sahirana ny mponina ka ny laharam-pahamehana aloha dia ny fitadiavana sakafo mba hamenoana ny kibo noana. Vokatr'izany dia tsy mba afa-mihary ny fianakaviana ka miha mahantra hatrany hatrany.

Raha zohina anefa ny zava-misy dia ny fikajiana ny tontolo ianana sy ny harena voajanahary ihany no antoka hitazonana ny hatsaran'ny tany sy ny fahampian'ny rano mba hampahomby ny famokarana, hisian'ny fanjariana ara-tsakafo. Ny zavatra tsapa aloha dia mbola mila fotoana lavalava indray ny fanarenana ny tontolo simba.

Raha ho an'ireo Kaominina vitsivitsy manamorona ny ala izay iasan'ny CMP Tandavanala mandritra ny taona vitsivitsy dia efa manomboka ny fanajariana miandalana ireo toeram-pambolena. Omena fiofanana ara-pambolena ireo mponina eny ifotony mba hanatsarana ny tekinikam-pambolena ka mba ahazoana vokatra tsaratsara kokoa. Ireo olona tena nomena andraikitra tamin'ny famindrana fitantanana ny ala moa no tena voakasika satria fantatra fa rehefa manjaka ny tsy fahampian-tsakafo sy ny fahantrana dia iharan'ny fitrandrahana sy ny fandringanana ireo harena voajanahary, indrindra fa ny ala.
Araka izany dia mifampiankina tanteraka ny fiahiana ara-tsakafo sy ny fitantanana ny harena voajanahary satria raha ampy sakafo, miaina ara-dalàna, afaka mihary ny mponina dia hihena ireo tsindry mianjady amin'ny harena voajanahary.

Ekipa Tandavanala

« L'écologie est aussi et surtout un problème culturel. Le respect de l'environnement passe par un grand nombre de changements comportementaux. »

Nicolas Hulot

05 jiona: Fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana

05 jiona : Miara-mahalala isika fa io datin'ny 5 jiona io dia daty manan-daza satria dia andro maneran-tany ho an'ny Tontolo Iainana.
Samy manamarika izany avokoa ireo firenena maro maneran-tany amin'ny alalan'ny fihetsiketsehina maro samihafa.

Faritra Matsiatra Ambony

Raha ny teto amin'ny Faritra Matsiatra Ambony manokana ohatra dia nisy ny fankalazana io andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana io, izay nokarakarain'ny Faritra sy ny Sampan-draharaha misahana ny ala sy ny tontolo iainana eto Fianarantsoa izay niaraha-nisalahy tamin'ireo mpiara miombon'antoka rehetra eo amin'ny fikajiana sy fitantanana ny tontolo iainana. Hetsika maro no notanterahina toy ny: foaran'ny tontolo iainana, fandaharana tamin'ny haino aman-jery ary teo ihany koa moa ny lanonana ara-panjakana. Ny CMP Tandavanala dia nandray anjara tamin'ireo hetsika maro nankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana tamin'ny alalan'ny tranoeva nandritra ny foara ara-tontolo iainana sy serasera tamin'ny haino aman-jery.

CMP Tandavanala, nandray anjara tamin'ny foaran'ny tontolo iainana teto amin'ny faritra Matsiatra Ambony. Niaraka tamin'ireo mpikambana ao amiin'y Alliance Voahary Gasy aty amin'ny Faritra.

Kaominina Ankarimbelo
Tsy diso anjara tamin'ny fankalazana ny andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana ihany koa ny Kaominina Ankarimbelo izay isan'ny Kaominina iasan'ny CMP Tandavanala. Nanamasaka izany fankalazana izany ireo mponina tao Ankarimbelo, notari-hin'ireo tompon'andraikitra avy ao amin'ny Kaominina. Nandray anjara mavitrika ihany koa ireo Tanora mikajy ny tontolo iainana nahitana ireo Klioba Vintsy sy Klioba Varika avy ao Ankarimbelo sy Antodinga. Hetsika maro, maneho ny fikajiana ny tontolo no tontosa ka niaraka tamin'izay ny fiaraha-misalahy teo amin'ny fandiovana ny tanàna sy ny fambolena hazo.

"Fiharian-karena maitso, aiza ho aiza ianao?"

Araka ny mahazatra dia misy hatrany ny lohahevitra amin'ny fankalazana ny andron'ny tontolo iainana, ka tamin'ity taona 2012 dia niompana tamin'ny resaka fiharian-karena maitso ny lohahevitry ny andron'ny 5 jiona izay niraisan'izao tontolo izao.
Ny "fiharian-karena maitso" moa raha azavaina dia ny fiharian-karena, izany hoe ireo asa aman-draharaha sy fitadiavam-bola mandala sy mikajy ny tontolo iainana mba hampaharitra azy ho an'ny taranaka faramandimby. Koa ny fanontaniana mipetraka dia hoe "aiza ho aiza ianao?" anjaran'ny tsirairay no mamaly io fanontaniana io, mandala ny tontolo iainana tokoa ve ny asa aman'andraikitra ataonao? Voakasika daholo ny sehatra rehetra : fambolena, fiompiana, rary, miasa ambony latabatra, amin'ny orin'asa madinika na vaventy sy ny sisa tsy voatanisa.

Ndeha ary hametraka fanontaniana vitsivitsy isika hamantarana raha mikajy ny tontolo iainana ny asa aman-draharaha sahanintsika:

-Ny fambolenao ve tsy manimba ny tany, amin'ny alalan'ny fampiasana vokatra simika ohatra?

-Ny fihazàna na fanjonona ataonao ve mba mitsinjo ny fitombon'ny taranaky ny biby, ohatra hoe mba avela hitombo aloha ireo biby madinika vao alaina?

-Raha mpitondra fiara indray ianao : ny fiaranao ve mikajy ny tontolo iainana ? izany hoe, tsy irony mandoto rivotra amin'ny alalan'ny setroka mainty irony.

-Raha mampiasa taratasy indray ianao: mahay mitsitsy ny fampiasana taratasy ve ianao? satria ny taratasy moa dia amboarina avy amin'ny hazo, koa raha mahay mandanjalanja ny fampiasana taratasy ianao dia mampihena ny hazo tapaka.

-Raha asa mampiasa hazo no ataonao, voasolo hatrany ve ireny hazo tapaka ampiasainao ireny ?

Mbola maro dia maro ireo fanontaniana azo apetraka mba ahafantarana raha fihariana mandala ny tontolo iainana tokoa ireo asa ataontsika. Koa dia manasa antsika hanokana fotoana fohy handinihina izany fanontaniana izany satria isika dia tompon'an-draikitra amin'ny ho avin'ireo taranaka amam-para.

Nivo R.

Brezila - Fivoriambe RIO +20

Ny RIO + 20 dia kaonferansa iray lehibe izay nokarakarain'ny firenena mikambana ka nanasana firenena maro teto amin'izao tontolo izao, notontosaina tany Rio de Janiero, Brésil tamin'ny 20 ka hatramin'ny 22 jiona lasa teo. Anisan'ny firenena nandray anjara tamin'io fivoriambe io ihany koa I Madagasikara ka nisolo tena ny Malagasy tamin'izany ny Filohan'ny Tetezamita sy ireo Delegasiona notarihiny.

Dinika momba ny fampandrosoana maharitra sy ny ho avin'ny tontolo iainana maneran-tany amin'ny taona 20 manaraka no nimasoana sy nobanjinina nandrintra ny andro vitsivitsy. Miara-miaky sy miara mahatsapa tokoa mantsy ny firenena tsirairay fa ilaina sy antoka ho an'ny fampan-drosoana maharitra fahaiza-mikajy ny tontolo iainana.

Ampahany amin'ireo tsoan-kevitra tapaka tamin'io fotoana io, izany hoe araka ny fanambarana farany taorian'ny fivoriambe dia voalaza fa:
-Samy handray andraikitra ireo firenena rehetra nanatrika ity fivoriambe ity mba hisian'ny fampandrosoana maharitra izay mahakasika sehatra maro: ekonomika, sosialy ary ara tontolo iainana
-Samy vonona hiady amin'ny fahantrana satria raha tsy resy ny fahantrana, tsy hisy mihitsy ny fampandrosoana
-Miara mahatsapa fa tena ilaina amin'ny fampandrosoana maharitra ny fandraisana anjaran'ny vahoaka

Raha i Madagasikara manokana no resahina dia azo lazaina fa manana tombon-dahiny eo amin'ny fisian'ny harena voajanahary miavaka ka manana andraikitra ambonimbony kokoa amin'ny fanatan-terahana ireo fepetra ahatongavana amin'ny fampandrosoana maharitra.

Anisan'ny mpandray anjara tamin'ity fivoriambe Rio+20 ity ihany koa ny solon-tena avy ao amin'ny Valan-javaboarin'i ANJA Ambalavao. Ny VOI tao Anja moa dia nahazo fankasitrahana noho ny fitantanana tsara ny harena voajanahary ka mampisy ny fampandrosoana eo amiin'ny fiaraha-monina.

Voavaha amin'ny ampahany ny fihitsohana

Tambazotra TELMA ho an'ny Kaominina Ikongo

Efa ela no niandrandra fatratra ny fahatongavan' ny tambazotra TELMA ny mponina tao amin'ny Kaominina andrenivohitra Ikongo. Hafaliana araka izany ny an'ny mponina satria dia nanomboka tamin'ny faran'ny volana May lasa teo no tafapetraka tany an-toerana io tambazotra io.

Araka izany dia azo lazaina fa afaka amin'ny am-pahany ny fihitsohana ho an'ity Kaominina Ikongo ity.
Mbola azo lazaina hoe tsy lavorary tanteraka anefa ny fitaovana miasa any an-toerana satria zara raha ny fokontany manodidina ny Kaominina ihany no afaka mampiasa ny tambazotra, izany hoe eo ho eo amin'ny 15 kilaometatra manodidina eo.
Efa zava-dehibe ny fisiany satria dia aleo tokoa manana kely toy izay tsy misy mihitsy.

Misy fiatraikany eo amin'ny fiainana andavanandron'ny mponina ny fisian'io tambazotra io satria afaka mifandray sy miserasera mivantana amin'ny zanaka am-pielezana ny mponina ao an-toerana. Afaka mifanome vaovao faran'izay haingana ny mpianakavy, ny mpiara-miasa sy ireo mpandraharaha amin'ny sehatra samihafa.

Mbola olana mipetraka amin'ny fihitsohan'ny Kaominina Ikongo ny faharatsian'ny lalàna.

Torak'izany ihany koa ny fifampizarana sy ny fifanomezam-baovao eo amin'ny fitantanana ny harena voajanahary, toy ny tandavan'ala antsinanana satria dia afaka hifandray sy hifanome vaovao avokoa ireo mpisehatra rehetra amin'ny fiarovana azy io. Misy amin'ireo filohan'ny VOI rahateo no efa manana finday ka afaka ifaneraserana.

Santatry ny fisokafana ho an'ny Distrikan'Ikongo ny fahatongavan'ny tambazotra TELMA ka tokony hararaotina ny fitadiavana fampandrosoana ho an'ny Kaominina sy ny manodidina.

Mbola tsara anaovana ezaka ihany koa anefa ny faharatsian'ny lalana izay mampitohy an'Ikongo amin'ireo Kaominina hafa , indrindra ny lalana mampitohy azy amin'ny Distrikan'Ifanadiana satria mbola mananosarotra, indrindra fa amin'ny fotoan'ny fahavaratra.

Rija

Moroteza sy ny Fampandrosoana

Adiny folo miala ny tanànan'ny Miarinarivon'Ambalavao, mamakivaky ny tandavan'ala, mizotra mianatsimo atsinanana no ahitana an'I Moroteza. 125 kilometatra miala an'I Farafangana kosa no ahitana azy raha avy any atsinanana miankandrefana , mihazo ny làlan'ny Vondrozo ary mivily manaraka ny lalam-pirenena faha 19 iny izany hoe mandalo an'I Karianga, mamakivaky ny tanànan'ny Vohiboreka, Mahavelo, Agnara ary mipaka avy hatrany eo an-tampon-tananàn'I Moroteza. Kaominina Ambanivohitra no isokajiana azy ara-panjakana ao amin'ny distrikan'I Vondrozo, Faritra Atsimo Atsinanana.

Raha ny lafiny ara-pihariana kosa dia sahy mifaninana amin'irony antsoina hoe Kaominina andrenivohitra irony. Ny asabotsy no fihaonambe eo an-tsena ary na ny alahady aza dia mbola hita fa mifanitsakitro ny ao an-tsena ao. Aman-jatony ny olona avy aty anivotany no mitanjojotra manaraka ny lalan-kely mamakivaky iny tandavan'ala atsinanana iny isaky ny zoma. Sanatriavina izany handeha tanam-polo izany fa ao ny mitondra varotra voamaina, enta-madinika ilaina andavanandro, angady, antsy, fripy, radio karta sns

Hita ao an-tsenan'ny Moroteza avokoa ny foko avy amin'ny lafitany efatra. Azo lazaina fa midangana ihany ny vidim-piainana ao Moroteza ao noho izy lavitra ny renivohitry ny faritra. Sarotra ihany koa ny fitondra-n'entana mamakivaky ny tandavan'ala. Manampy trotraka etsy andanin'izany ny tsy fisian'ny fiara mpitatitra mampitohy azy amin'ny Farafangana ka zary miakatra ny vidin-javatra. Na dia izany aza dia feno épicerie sy mpivarotr'entana madinika ny tanàna ka any Ambalavao sy Fianarantsoa no iantsenana.

Raha ny vokatry ny tany kosa dia 200 ka hatramin'ny 250 ariary ny kapoakan'ny fotsim-bary raha 80 ariary kosa ny kapoakan'ny vary akotry. 400 ka hatramin'ny 500 ariary ny kapoakan'ny kafé. Ny akondro no betsaka ao ka 5 na 6 vihy eo ny ariary zato. Legioma avy any am-patrana avokoa no betsaka ao, hafatsy ny petsay sy ramirebaka ary ny tongolo raviny.

Manakoako ny feokiran'ny Barinjaka ao an-tsena ao, izay arahina dihy kilalaka eny am-pandehanana sy elakelan-trano rehetra eny. Fety sy korana no mandravaka ny làlana sy tananàn'ny Bemahala, Miarinarivo, Tanambao ka hatrany Moroteza. Anisan'ny fialamboly ankafizin'ny tanora ny Vidéo

Raha ny lafiny sosialy kosa no asian-teny dia ahitana EPP sy CEG ao Moroteza ao na dia mbola ny FRAM no mandray an-tanana ny ampahany betsaka amin'ny fampandehanan-draharaha ho an'itsy farany. Misy CSBII na dia tsy ampy mpitsabo aza ary ahitana fivarota-panafody afa-mitaha amin'ny any andrenivohitra.
Mandry fahalemanana ny tanàna nohon'ny fandraisan'andraikitry ny mpitondra isan-tsokajiny na ara-bako na ara-panjakana.

Irarian'ny mponina any an-toerana ny hanabeazam-boho sy hanatsarana ireo fotodrafitr'asa toy: ny biraom-panjakana, ny trano-tsena, ny paompy, ny toha-drano. Ilaina fatratra ny fitrandrahana ireo otrikarena toy ny rian-drano ho enti-mamatsy herinaratra ny tokantrano eny anivon'ny fokontany isan'isany. Manankarena raha iny kaominina iny na ara-tantara sy kolotsaina, na ara-tontolo iainana sy ala, eny fa na dia misy ihany aza ny manimba sy mitrandraka tsy ara-drariny sy tsy ara-dalàna an'ity farany . Mendrika an'ity kaominina ity ny ho toeram-pizahantany any aoriana any.

Fa na dia mpamboly sy mpiompy aza ny 85%n'ny mponina ao amin'ny Kaominina Moroteza dia tsapa fa feno finiavana hatrany hikaroka ny tsaratsara kokoa. Tsarovy anefa fa tsy mahavita tena izy ireo fa mila ny Fanjakana hanampy sy ny mpitan-tsoroka hanome tanana ary ny olom-pirenena tsirairay hanao soroka miara-milanja sy tongotra miara-mamindra mba hahatongavana amin'ny tena fampandrosoana tena izy.

Ra-eti6

Tanora mpandala ny zavaboary ao Ambolomadinika

Araka ny fanadihadiana natao tamin'ny solo-tenan'ny mpanabe sy ny tanora dia mbola maromaro ireo tanora mpianatra ao amin'ny taona fahavalo sy fahasivy ao amin'ny CEG Ambolomadinika no mikambana amin'ny Tanora mpandala ny zavaboary saingy vitsy ny mamonjy fivoriana noho ny fahatapahan'ny fianarana tamin'iny fitokonan'ny mpampianatra teo iny.

Tamin'ny andron'ny 08 Marsa teo ohatra dia naira-nankalaza izany tamin'ny alalan'ny filaharam-be izy ireo ho fanotronany ilay mpampianatra vavy tokana amin'ny efatra mianadahy miandraikitra azy ireo. Toy izany koa tamin'ny Fetim-pirenena.

Ny andron'ny 05 jiona kosa indray, izany hoe ny andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana, dia nomarihin'ireo tanora mpandala ny zavaboary tamin'ny alalan'ny fandraisana anjara tamin'ny fanesehana kitapon-janankazo tao amin'ny tanin-janankazon'ny CMP Tandavanala. Nisy ny famerenan-desona momba ny famenoana kitapon-janakazo tamin'io andro io izay niaraha-nisalahy tamin'ny solo-tenan'ny CMP Tandavanala ao Ambolomadinika sy ny Ben'ny tanàna Lefitra faharoa.
Ny tanjon'ity hetsika ity moa dia tafiditra indrindra amin'ny fampadraisana anjara ny tanora amin'ny fiarovana ny tontolo iainana sy ho fitsinjovany sahady ireo taranaka fara mandimby.

Tanora mpandala ny zavaboary sy ny CMP Tandavanala

Vinavinan'ny roa tonta ny hanao lalao ara-panatanjahan-tena (Foot)ara-pirahalahiana amin'ny tanora mpandala ny zavaboary hafa ivelan'Ambolomadinika. Hisy koa hetsika fitadiavam-bola hanate-venan'izy ireo ny volan'ny fikambanana hahafahany mivoaka kely ny faritra hanohy ny fanabeazana ara-tontolo iainana. Maniry ny hanampian'ny CMP Tandavanala azy araka izay azo atao izy ireo amin'izany.

Nanome toky ireo tanora fa hitohy hatrany ny fiaraha-miasany amin'ny Tandavanala na dia fantatra ary fa hisy fiovàny ireo mpanabe efatra misy ankehitriny satria ao ny nifindra toerana, ao koa ireo handrato fianarana ivelan'Ambolomadinika amin'io taom-pianarana miditra.

Niaina

Tondra-drano mafana tany Japon

Rano mafana any amin'ny 60° any, arahina rihitra tany no nanondraka ny tanàna maro tany Japon ny volana jolay 2012 lasa teo. Tamin'ny alalan'ny lavaka lalina natao nohon'ny ny fihadiana harena ankibon'ny tany no nipoiran'izany. Aina maro no nafoy ary amana'aliny no rava fonenana. Simba ny fambolena ary ripaka ny fiompiana vokatry izany. Tandremo ihany lahy sao hampi-doza toy izany ity fitrandrahana harena ankibon'ny tany ity.

Doro tanety mahatsiravina

Tany Espagne no nitranga ny loza. Espagne moa dia firenena iray anisan'ny matanjaka ary vao nahazo ny amboaran' ny Euro 2012. Velaran-tany 3000 hekitara no kila forehitra tao anatin'ny roa andro monja; tokantrano maro no nafindra toerana vokatr'izany. Faritra ala an'hekitarany maro no ahiana ho may amin'izao fotoana anorantana izao, nohon'ny tsy fahampian'ny fitaovana entina mamono afo. Sarotra ny asan'ireo mpamono afo nohon'ny rivo-mahery na dia miisa 800 aza izy ireo.
Vanim-potoana mampirongatra ny doro tanety izao fotoanan'ny main'andro ity ka tokony ho mailo isika tomponandraikitra isan-tokony momba ny tontolo iainana indrindra fa ny mpikambana ao amin'ny VOI.

Vaovao tapatapany

512, laharana maitso ho fiarovana ny tontolo iainana.

Mba ho fandraisana anjaran'ny rehetra amin'ny fitantanana maharitra ny harena voajanahary eto Madagasikara dia nanomboka niasa tamin'ny volana may tamin'ity taona 2012 ity ny laharana maitso 512, izany hoe laharana azo antsoina maimaim-poana ho an'ny mpampiasa tambazotra «orange».

Afaka miantso amin'ity laharana maitso ity avokoa ireo izay manana holazaina momba ny fitantanana ny tontolo iainana sy ny harena voajanahary: vaovao ara tontolo iainana, fanamarihana momba ny fitantanana ny harena voajanahary, fitarainana momba ny endrika tsy mety na tsy ara-drariny momba ny fitantanana ny harena voajanahary ary indrindra ny soso-kevitra raha misy fanatsarana tiana entina.

Misy hatrany ireo olona mandray ny antso ka marihina fa mijanona ho tsiambaratelo ny antso izay ataonao. Rehefa voaray ny hafatra tianao hampitaina dia raisina avy hatrany ny andraikititra mifanandrify amin'izany. . Tompon'antoka amin'ity fifampifandraisana ity moa ny orinasa Orange Madagascar sy ny fikambanana Alliance Voahary Gasy izay ahitana fikambanana miaro ny tontolo iainana ka anisany ny CMP Tandavanala Fianarantsoa.

VOI Anja Miray-Ambalavao

VOI toy ny VOI rehetra ny Anja Miray. Miisa 340 ny mpikambana ao. Tsy ao anatin'ny tandavan'ala Ambositra –Vondrozo ny faritra tantanany fa toerana hafa manamorona ny RN7 eo amin'ny PK 13 miala an'Ambalavao. Mirefy 60 hektara izy io ka ny 13 hektara fotsiny amin'izany no velarana rakotra ala. Ny Lemur catta no kazam-barika mampiavaka azy . Finaritra ny mpizaha tany mitazana ny faritra manodidina na dia harambato sy tany ngazana aza no mandrakotra ireo faritra maro. Manana ny kolontsainy izy ankoatra ny fisian'ireo lava-bato izay manana ny tantarany manokana. Maherin'ny 2000 ny vahiny mpizaha tany mitsidika ao Anja isan-taona. Efa mananika ny 60 tapitrisa ariary isan-taona ny vola miditra aminy, vokatry ny fitsidihana. Marihina moa fa dia iray amin'ireo fikambanana 25 nahazo ny loka eran-tany " Prix de l'équateur" ity VOI ity ka ny ny fiarovana ny ala sy ny biby amin'ny alalan'ny fizahan-tany no nahatonga izany. Maromaroa ny tahaka izany.

Tetik'asa vaovao ho an'i Moroteza

Ankoatry ny fandaharan'asa Fiahiana ara-tsakafo izay tanterahina ho an'ny Kaominina dimy ao anatin'ny distrikan'Ikongo dia efa manomboka indray izao ny tetik'asa vaovao tanterahina ho an'ny VOI enina ao anatin'ny Kaominina Moroteza – Distrikan'i Vondrozo, faritra Atsimo Atsinanana. Io tetik'asa io dia naompana indrindra ho amin'ny fanatsarana ny fidiram-bolan'ireo VOI enina ao anatin'ny Kaominina. Sampan'asa telo miavaka no hotanterahina dia ny:
Fanampiana amin'ny fanatanterahana sy fampiharana izay voasoratra ao anatin'ny bokin'ny Famindram-pitantanana mikasika indrindra ny fitantanana ireo zana-paritra efatra voasoritra ao anaty bokim-pitantanana.
Fanohanana ara-pitaovana sy ara-toro-marika ho fiatrehana ny fikorontanan'ny toetr'andro.
Fanohanana ara-teknika sy ara-pitaovana momba ny fanabeazam-boho ny asa mampidi-bola toy ny fampiharana ny voly vary maro anaka, ny voly avotra tsaramaso, ny fampitomboana ny voly kafé.
Marihina fa fiaraha-miombon'antoka amin'ny WWF no anatanterahana izany tetik'asa izany. Heverina ho tapitra amin'ny faran'ny taona 2012 ity tetik'asa ity, saingy azo heverina ny hitohizany amin'ny taona manaraka arakaraky ny fahombiazan'ity dingana voalohany ity.

Nivo R., Ra eti6, Ymam El-Fidis

Mamboly kafe

Ny kafe dia anisan'ny voly tena tsara raha voakarakara araka ny tokony ho izy. Afaka anampiana ny fidiram-bola amin'ny maha voly fanondrana azy. Raha ratsy kalitao kosa anefa ny vokatra dia sarotra kokoa ny mivarotra azy, ka izany indrindra no tokony anaovana ezaka amin'ny fikarakarana azy , mba azahoana tombom-barotra betsaka.
Indro ary misy toro hevitra aroso anao mahakasika ny voly kafe:misy dingana telo ny fambolena kafe: fikarakarana ny masomboly, ny famafazana, ary ny famindrana ny zana-kafe..

1/ Fikarakarana ny masom-boly:

Fifantenana ny voa

Fidina ny voa masaka tsara, salama sy vaventy . Kendrena koa ny foto-kafe nakana azy mba ho salama tsara, mamokatra tsara raha mitaha amin'ny namany, foto kafe efa misy misy taona.

"Dépulpage" na fanesorana ny hodiny mena ivelany:

Amin'ny tànana raha tsy manana fitaovana manokana (dépulpeurs)
Lomana (fermentation) mandritra ny 3-4 andro.

Fandiovana

Diovina tsara amin'ny rano

Fanahazana (séchage):

Amin'ny toerana maloka sy azon-drivitra tsara mandritra ny 10-15 andro.

2/ Famafazana ny masom-boly

Amin'ny fampiasana germoir na famafazana mivantana anaty kitapon-janakazo vita avy amin'ny zavamaniry

Toerana fampitsiriana (Germoir)

Tsy voafetra ny habeny fa miankina amin'ny filàna . Tokony tsy hihoatra ny 1 m kosa anefa ny sakany mba hanamora ny fikarakarana azy.

Asaina tsara ny tany mba ho maivana sy tsy mitazona rano. Tany fasika na tany baiboho (sol alluvionnaire) no mandrakotra ny ety ambony sahabo 15-20 cm mba hamora ny fitsikan'ny rano.
Ny lafiny fisaka no mitohoka amin'ny tany eo ampamafazana ny voan-kafé.
Mielanelana 2 cm amin'ny tsipika ary 5 cm ny manelanelana ny tsipika.
1 cm ny halalin'ny fanitrihana ny voan-kafé.

1 volana dia mitsimoka ny kafé. Azo aketsa avy atrany ny zana-kafé raha vao mivelatra tsara ny raviny "feuilles cotylédonaires" (stade papillon).

3/ Fomba famindrana ny zana-kafe:

Anaty kitapon-janan-kazo mivantana ka ireo kitapon-janakazo ireo dia efa voasesika fasika sy tany ary zezika. Mila atao iray volana mialoha ny fanesehana ny kitapon-janan-kazo.

Afaka afafy mivantana anaty kitapon-janan-kazo ihany koa ny kafe

Kendrena mba ho sakafo ampy hiveloman'ny zana-kafe mandra-pamboly azy no itoerany ao anaty kitapon-janan-kazo

Toy izao ny fatra amin'ny ankapobeny:
- ½ zezika masaka tsara
- ¼ tany baiboho
- ¼ fasika anaty rano

Aafafy tsirairay isaky ny kitapon-janan-kazo ny voan-kafé 1 cm ny halaliny.

Ny klioba Vintsy Tsindrano avy ao amin'ny Kaominina Ankarimbelo izay nandray anjara tamin'ny fanesehana ny kitapon-janan-kazo tao amin'ny pepiniera n'ny CMP Tandavanala. Tahaka ireo klioba hafa dia isaorana etoana ry zareo tamin'ny fandraisana anjara ary irariana ny mba hitohizan'ny fiaraha-miasa

Milalao

Rehefa ampifandraisina ireo litera mikorontana ireo dia hanome teny. Manasa anao ary hilalao, ka hitady ireo teny miafina rehetra ato anatin'ity kilalao ity. Dia mazotoa milalao e!

V	P	S	E	T	R	O	K	A
O	A	L	A	A	A	A	I	K
A	P	R	N	H	D	K	I	O
I	A	O	I	A	O	R	A	H
R	I	K	D	B	D	N	L	O
F	A	R	A	N	O	O	A	A
K	A	V	I	N	A	L	N	T
I	O	A	I	I	G	A	O	A
I	V	N	S	N	O	A	N	A
A	K	O	H	O	A	F	A	F

Mahafantatra

Ho antsika mpamaky ny gazety «Seraseran'ny Tandavanala» dia indreto misy fanontaniana vitsivitsy aroso antsika indray. Izy ity dia sady kilalao mety azahoana valisoa nefa mampitombo ny fahalalantsika ihany koa. Raha nanaraka hatrany ny gazety «Seraseran'ny Tandavanala» ianao dia mino izahay fa tsy ho sarotra ho anao ny mamaly ny fanontaniana.

1/ Inona no lohahevitry ny "andro maneran-tany ho an'ny tontolo iainana" tamin'ity taona 2012 ity?

2/ Milazà karazam-biby roa hita ao anatin'ny tandavan'ala? Ary inona no tena mampiavaka azy ireo?

3/ Inona daholo ireo toro-hevitra mahasoa efa naroso teto amin'ny gazety "seraseran'ny tandavan'ala"?

Rehefa vita izany dia alefaso aty amin'ny CMP Tandavanala ny valin'ny lalao, hisy valisoa ho an'izay manome valiny mahafa-po indrindra. Afaka ampitondraina ireo Teknisianina CMP Tandavanala eny an-toerana ny valin'ny lalao, misy ihany koa ireo efa mahita ny biraon'ny CMP Tandavanala, koa aza misalasala manantona anay avy hatrany. Aza hadino ny mametraka ny anarana sy ny Kaominina misy anao.

Ahiana mafy ny fahatotoran'ny tany fambolena ety ambany raha toa ka tsy hisy zavamaniry na ala intsony hanakana ny rano be sy ny riaka.

Tarehimarika momba ny ala

Ho an'ny firenena an-dalampandrosoana dia ny ala, izany hoe ny hazo no tena ampiasaina amin'ny famokarana angovo.
-Raha ho an'I Madagasikara manokana ohatra dia ny 82% n'ny angovo ampiasaina dia trandrahina avy amin'ny hazo avokoa. Tsy io fitrandrahana angovo io ihany anefa no mamongotra ny ala eto Madagasikara fa mbola misy antony maro: doro ala, tavy, ny fitrandrahana tsy ara-dalàna isan-karazany...

-Ny 65%'ny biby sy zavamaniry aty amin'ny faritra atsimon'ny Madagasikara dia tsy hita raha tsy eto amin'ny nosintsika ihany, nefa dia atahorana ny ho avin'ireo raha miha-lany tamingana ny ala, izay toeram-ponenany

-Any amin'ny faritra atsimon'I Madagasikara ihany dia 5 milimetatra ny hatevin'ny nofon-tany kahon'ny riaka isan-taona, noho ny tsy fisian'ny ala sy zavamaniry eo amboniny. Ny zava-misy anefa dia maharitra 100 taona eo ho eo ny fiforonana nofon-tany 1 sentimetatra.

Takelaka Fifandraisana Seraseran'ny Tandavanala mivoaka isa-telo volana

Talen'ny Famoahana
Sylvain Andriarimalala
Tonian-dahatsoratra
Joharison Ndriamboavonjy

Mpanoratra
Nivo Raholimalala
Etienne Razafindraboto
Mamy Fidelis Rakotoarivelo
Ravololoniaina Marie Juliette
Rivoalimanitra Miora
Raonimahandry Rija Pascal
Rasolondraibe Joseph

Mpandrindra
Manantsoa Tiana
Natonta
SNIC Ankorondrano
Isan'ny natonta : 5 000